



CENI/SEA/DIREELCOM/SCRP- 025 -17

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 01 desambra 2017

Nosokafan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny fifidianana na ny CENI tamin'ny fomba ofisialy tao Mahajanga androany, ny Fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana (RALE) 2017-2018. Amin'ny maha raharaha-pirenena ny fifidianana; tonga nanotrona ny CENI tamin'izany ireo olom-panjakana samihafa isan'ambaratongany eto Mahajanga sy ireo fiaraha-monina iraisam-pirenena.

Nandritra ny lanonana izay notanterahina nanoloana ny lapan'ny tanana, nitaky sy nanamafy hatrany ny filohan'ny CENI, **RAKOTOMANANA Hery** ny amin'ny firaisan-kinan'ireo hery velona rehetra (fiarahanonim-pirenena; fiaraha-monina politika; ireo mpitondra fivavahana; ny isam-batan'olona) mba hifanampy sy hifanome tanana amin'ny fahalavorariana ny lisi-pifidianana; mba iantohana ireo fifidianana rehetra ho avy. Nambarany araka izany fa "*ny tanjona lehibe dia ny hahazoantsika fifidianana matotra, mangarahara ary eken'ny rehetra: fototra fampandrosoana maharitra ny tanindrazantsika*". Nanamafy ihany koa izy fa fototra iray lehibe hampanjakana ny demokrasia ary hitandroana ny filaminana eto amin'ny firenentsika no hiarhana mibanjina; noho izany ilaina ny hampanjary ny lisim-pifidianana.

Ho fanentanana ireo mpifidy rehetra teto Mahajanga, nikarakara fanentanana sy fanabeazana ara-pifidianana maro samihafa ny CENI izay niarahany niasa tamin'ireo tanora mpanabe olon-tsahala na Jeunes Pairs Educateurs eo anivon'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Tao anatin'izany indrindra, nanatanteraka fanentanana manakaiky vahoaka ny CENI, ny 29 sy 30 novambra teo, manerana fokontany 8 izay narahina sehatra hifampidininhina niaraka tamin'ireo mpiantsehatra rehetra amin'ny fifidianana eto Mahajanga. Nasiana tondro manokana tamin'izany ny manodidina ny RALE rehetra indrindra ny fomba fisoratana anarana anaty lisi-pifidianana. Nitondrana fifanakalozan-kevitra ihany koa ny mikasika ny anjara asan'ny tsirairay ao anatin'izany RALE izany, ny zotram-pifidianana amin'ny ankapobeny ary indrindra ny asa sahanin'ny CENI sy ireo didy aman-dalana mifehy azy ary ny didy aman-dalana mifehy ny fifidianana.

Tsara ny manamarika fa zava-dehibe ho an'ny firenena ity RALE 2017-2018 ity satria izy ity no farany fisoratana anarana ao anaty lisi-pifidianana mialohan'ireo fifidianana izay hotanterahina amin'ny taona 2018.

Manan-danja manokana ho an'ny CENI ihany koa ity RALE ity amin'ny fanatrarana ny vina napetrany dia ny hahatrarana mpifidy 10 tapitrisa farafahakeliny voasoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana. Mba hahatrarana izany vina izany sy mba hampanjakana ny demokrasia, tsy adidin'ny CENI irery ny fanatanterahana ny RALE fa tena ilaina indrindra ny fifezantanan'ireo mpiansehatra rehetra amin'ny fifidianana.